



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

BOKIN'NY EKSODOSY – LE LIVRE DE L'EXODE

Talata 14 septambra 2021
Mardi 14 septembre 2021

NY FANOKANANA NY VOALOHAN-TERAKA (Eksôdôsy 13)
CONSECRATION DES PREMIERS NES (Exode 13)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Dia ho famantarana ho anao eo amin'ny tananao ary ho fampahatsiarovana eo ambonin'ny handrinao izany, mba ho ao am-bavanao ny Lalà'Ny TOMPO : fa Tanana mahery no nitondran'Ny TOMPO anao nivoaka avy tany Egipta » (Eks. 13, 9) – « *Ce sera pour toi comme un signe sur ta main et comme un souvenir entre tes yeux, afin que la Loi de l'Eternel soit dans ta bouche. En effet, c'est par sa Main puissante que l'Eternel t'a fait sortir d'Egypte* » (Ex. 13, 9).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Misaotra Anao izahay, ry Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, fa voriana amin'ny alalan'izao fotoam-bavaka izao indray izahay. Manan-Teny anoroana anay ny Sitraponao Ianao, te-hampahery anay ary te-hamelona anay amin'ny firaisana Aminao. Hamasino àry izao fotoana izao ka sokafy ny fonay sy ny fiainanay manontolo handray Anao sy ny Sitraponao ary ny Asanao amin'ny fankasitrahana feno – *Nous Te remercions Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, car Tu nous réunit à travers cette veillée de prière. Tu as une Parole pour nous indiquer le chemin que Tu agrées, Tu veux nous reconforter et nous vivifier dans la communion avec Toi. Alors, sanctifie de moment et ouvre nos cœurs et toute notre vie pour T'accueillir ainsi que ta Volonté et ton Œuvre dans la reconnaissance la plus totale.*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao Lahitokana, no ametrahanay izany vavaka izany Aminao. Amen ! - *C'est au Nom de Jésus-Christ, ton Fils unique, que nous adressons cette prière. Amen !*

Teny fampidirana – Introduction :

- Ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo. Amen – *Que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et de Jésus-Christ le Seigneur. Amen !*
- Nous continuons, cette semaine, à méditer sur le livre de l'Exode. Aujourd'hui, nous allons plus particulièrement nous concentrer sur la consécration des premiers nés, selon Exode 13.
- Toy izao àry ny drafitra harahintsika androany, handinihantsika ity Eksodosy 13 ity – *Voici le plan que nous allons suivre aujourd'hui en feuilletant ce Exode 13 :*
 - Eks. 13, 1-2 : Didin'ny TOMPO hanokanana ny voalohan-teraka ho Azy - *Prescription de l'Éternel pour la consécration des premiers nés pour Lui,*
 - Eks. 13, 3-16 : ny fiasan'ny Tanana maherin'Ny TOMPO – *l'œuvre de la Main puissante de l'Éternel,*
 - Eks. 13, 17-22 : ny dia niala an'i Egypta – *la marche en quittant l'Égypte.*
- Hiditra avy hatrany amin'ny Fizaràna voalohany àry isika izao ka ho vakiana amintsika ny Eks. 13, 1-2 – *Entrons immédiatement dans la première Partie de notre séance par la lecture de Ex. 13, 1-2.*

Hira (cantique) 365, 1 : He, ry mpanota ana, sasatra :

1. He, ry mpanota ana, sasatra,
Mitondra fahoriana lehibe,
I Jeso, Mpanavotra olo-meloka,
No mahavonjy ny fanahinao.

Fiverenana :

*Matokia ny Mpamela helokao,
Aza kivy, tsy ho faty ianao,
;: Matokia re ;:
Matokia, i Jeso tsy handao anao.*

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Eks. (Ex.) 13, 1-2 :

1 Ary Ny TOMPO niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe : 2 « Hamasino ho Ahy ny lahimatoa rehetra, dia izay voalohan-teraka rehetra eo amin'ny Zanak' Isiraely, na olona na biby fiompy : Ahy ireny ».

1 L'Éternel dit à Moïse : 2 « Sanctifie-Moi tout aîné, tout premier-né parmi les Israélites, tant des hommes que des animaux : il M'appartient ».

Fanazavana 1 – Explications 1 : Didin'ny TOMPO hanokanana ny voalohan-teraka ho Azy - Prescription de l'Éternel pour la consécration des premiers nés pour Lui :

Dieu a fait sortir les enfants d'Israël hors d'Égypte, et anticipe en réalité leur établissement en Canaan. Si Dieu agit en grâce pour son peuple, Il a par là des droits sur lui, et ce sont ces droits qui sont présentés ici. Un peuple racheté devient la propriété de son Rédempteur. C'est ainsi que nous lisons : **tsy tompon'ny tenanareo ianareo. Fa olom-boavidy ianareo (1 Kor. 6, 19b-20a)** « Vous n'êtes pas à vous-mêmes ; car vous avez été achetés à prix » (1 Cor. 6, 19b-20a). L'Éternel déclare ici à Moïse selon le même principe : **Hamasino ho Ahy ny lahimatoa rehetra, dia izay voalohan-teraka rehetra eo amin'ny Zanak' Isiraely, na olona na biby fiompy : Ahy ireny (and. 1)** « Sanctifie-Moi tout aîné, tout premier-né parmi les Israélites, tant des hommes que des animaux : il M'appartient » (v. 1).

Mais un autre élément est introduit en rapport avec cela. Dans le chapitre précédent, la fête des pains sans levain est instituée immédiatement après l'aspersion du sang. Il s'agissait de montrer que les deux choses — la protection par le sang et l'obligation d'une vie sainte — ne peuvent jamais être séparées.

L'exigence de Dieu est claire ici : Il veut toujours le premier = le plus attendu = ce qui pour nous a le plus de valeur. Comment concilier cette exigence de Dieu avec ce que j'offre à Dieu aujourd'hui ? Si je cherche à comprendre les valeurs, les motivations, les intentions que Dieu souhaite révéler en moi par ce geste, qu'est-ce que je serai appelé à faire aujourd'hui ? Qu'est-ce qui est à Dieu aujourd'hui ?

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny ankohonantsika – *pour nos familles*
- ho an'ny Mpitondra antsika – *pour nos dirigeants*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ô, ... – *Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit,*
....

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay, Amen ! – *Au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, Amen !*

Hira 365, 2-3 : He, ry mpanota ana, sasatra :

2. Indro ny fitiavan-dehibe !
Ny Ainy tsy nataony ho zavatra,
Hamonjy ny mpanota meloka,
Sy manana entana mavesatra.

Fiverenana :

*Matokia ny Mpamela helokao,
Aza kivy, tsy ho faty ianao,
;: Matokia re ;:
Matokia, i Jeso tsy handao anao.*

3. Mba mahareta, i Jeso aminao,
Ny Tanany mahery hiambina,
Aza malaky resin-tahotra,

Fa lzy tsy hiala aminao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Eks. (Ex.) 13, 3-16 :

3 Dia hoy i Mosesy tamin'ny olona : « Tsarovy izao andro izao, izay nivoahanareo avy tany Egipta, tamin'ny trano nahandevozana, fa tamin'ny Tanana mahery no nitondran'Ny TOMPO anareo nivoaka avy tany : koa aza misy mihinana izay misy masirasira. 4 Iza andro amin'ny volana Abiba izao no ivoahanareo. 5 Ary raha hitondra anao Ny TOMPO ho any amin'ny tanin'ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Hivita ary ny Jebosita, izay nianianany tamin'ny razanao homena anao, dia tany tondra-dronono sy tantely, dia hanao izany fanompoana izany ianao amin'izao volana izao. 6 Hafitoana no hihinananao mofo tsy misy masirasira, ary amin'ny andro fahafito dia hisy andro firavoravoana ho an'Ny TOMPO. 7 Ny mofo tsy misy masirasira hohanina mandritra ny hafitoana ary tsy hisy eo aminao izay mofo misy masirasira, ary tsy hisy izay masirasira akory ao aminao eny amin'ny taninao rehetra. 8 Dia hambaranao amin'ny zanakao amin'izany andro izany hoe : 'Noho ny nataon'Ny TOMPO tamiko tamin'ny nivoahako avy tany Egipta no anaovako izao'. 9 Dia ho famantarana ho anao eo amin'ny tananao ary ho fampahatsiarovana eo ambonin'ny handrinao izany, mba ho ao am-bavanao ny Lalàn'Ny TOMPO : fa Tanana mahery no nitondran'Ny TOMPO anao nivoaka avy tany Egipta. 10 Dia tandremo amin'ny fotoany isan-taona izao lalàna izao.

3 Moïse dit au peuple : « Souvenez-vous de ce jour où vous êtes sortis d'Égypte, de la maison d'esclavage. En effet, c'est par sa Main puissante que l'Éternel vous en a fait sortir. On ne mangera pas de pain levé. 4 Vous sortez aujourd'hui, au cours du mois des épis. 5 Quand l'Éternel t'aura fait entrer dans le pays des Cananéens, des Hittites, des Amoriens, des Héviens et des Jébusiens, qu'il a juré à tes ancêtres de te donner, pays où coulent le lait et le miel, tu rendras ce culte à l'Éternel au cours de ce même mois. 6 Pendant 7 jours tu mangeras des pains sans levain et, le septième jour, il y aura une fête en l'honneur de l'Éternel. 7 On mangera des pains sans levain pendant les 7 jours. On ne verra pas chez toi de pain levé ni de levain sur tout ton territoire. 8 Tu diras alors à ton fils : 'C'est en mémoire de ce que l'Éternel a fait pour moi lorsque je suis sorti d'Égypte'. 9 Ce sera pour toi comme un signe sur ta main et comme un souvenir entre tes yeux, afin que la Loi de l'Éternel soit dans ta bouche. En effet, c'est par sa Main puissante que l'Éternel t'a fait sortir d'Égypte. 10 Tu respecteras cette prescription au moment fixé d'année en année.

11 Ary raha hitondra anao Ny TOMPO ho any amin'ny tanin'ny Kananita araka izay nianianany taminao sy ny razanao, ka homeny anao izany, 12 dia hatokanao ho an'Ny TOMPO izay voalohan-teraka rehetra : ny voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra izay anananao dia ho an'Ny TOMPO ny lahy rehetra, 13 ary ny voalohan-teraky ny boriky dia hosoloanao zanak'ondry : fa raha tsy hanolo azy ianao dia hofolahinao ny vozony. Ary ny lahimatea rehetra amin'ny olona eo amin'ny zanakao dia havotanao. 14 Ary raha hanontany anao ny zanakao amin'ny andro ho avy ka hanao hoe : 'Inona no anton'izao' ? dia holazainao aminy hoe : 'Tanana mahery no nitondran'Ny TOMPO

antsika nivoaka avy tany Egipta, tamin'ny trano nahandevozana. 15 Ary raha nanamafy ny fony ka tsy nandefa antsika i Faraon, dia novonoin'Ny TOMPO ny lahimatoa rehetra tany amin'ny tany Egipta, hatramin'ny lahimatoan'ny olona ka hatramin'ny voalohan-teraky ny biby. Koa izany no anaterako ho an'Ny TOMPO ny lahy voalohan-teraka rehetra fa ny lahimatoa rehetra amin'ny zanako dia soloako. 16 Ary ho famantarana eo amin'ny tananao sy ho fehy eo ambonin'ny handrinao izany, fa Tanana mahery no nitondran'Ny TOMPO antsika nivoaka avy tany Egipta ».

11 Quand l'Eternel t'aura fait entrer dans le pays des Cananéens, comme Il l'a juré à toi et à tes ancêtres, et qu'Il te l'aura donné, 12 tu consacreras tout premier-né à l'Eternel, même tout premier-né des animaux que tu auras : les mâles appartiennent à l'Eternel. 13 Tu rachèteras avec un agneau tout premier-né de l'âne. Si tu ne le rachètes pas, tu lui briseras la nuque. Tu rachèteras aussi tout premier-né de tes fils. 14 Et lorsque ton fils te demandera un jour : 'Que signifie cela' ? tu lui répondras : 'Par sa Main puissante, l'Eternel nous a fait sortir d'Egypte, de la maison d'esclavage. 15 Et, comme le pharaon s'obstinait à ne pas nous laisser partir, l'Eternel a fait mourir tous les premiers-nés en Egypte, depuis les premiers-nés des hommes jusqu'aux premiers-nés des animaux. Voilà pourquoi j'offre en sacrifice à l'Eternel tout premier-né des mâles et rachète tout premier-né de mes fils'. 16 Ce sera comme un signe sur ta main et comme une marque entre tes yeux, qui rappellera que l'Eternel nous a fait sortir d'Egypte par sa Main puissante ».

Fanazavana 2 – Explications 2 : ny fiasan'ny Tanana maherin'Ny TOMPO – l'œuvre de la Main puissante de l'Eternel :

1. (and. 3-12) ny fetin'ny mofo tsy misy masirasira - (vv. 3-12) la fête des pains sans levain :

Cette fête des pains sans levain est mentionnée maintenant à nouveau, avec des instructions quant à la manière de l'observer lorsque l'Éternel les aurait introduits dans le pays du Cananéen (v. 5), en relation avec la sanctification des premiers nés.

Elle devait être liée pour toujours avec le souvenir de deux faits.

- D'abord, avec le jour de leur rédemption : **Tsarovy izao andro izao, izay nivoahanareo avy tany Egipta, tamin'ny trano nahandevozana (and. 3a)** « Souvenez-vous de ce jour où vous êtes sortis d'Egypte, de la maison d'esclavage » (v. 3a). Le Seigneur désire que les siens se souviennent éternellement du jour de leur délivrance, du jour où ils ont été amenés des ténèbres à la lumière, soustraits au jugement dû à leurs péchés et introduits dans la faveur parfaite de Dieu en Christ.
- Deuxièmement, ils ne devaient pas oublier la source de leur délivrance : **fa tamin'ny Tanana mahery no nitondran'Ny TOMPO anareo nivoaka avy tany (and. 3b)** « En effet, c'est par sa Main puissante que l'Eternel vous en a fait sortir » (v. 3b). C'est à Lui seul qu'ils la devaient. Nul autre bras n'aurait pu briser leurs fers, frapper leur oppresseur, les protéger du destructeur et leur donner la délivrance. Lui seul pouvait les racheter de la main de l'ennemi. N'est-ce pas ce qu'a lu le Seigneur Jésus dans la synagogue à Nazareth : **"Ny Fanahin'Ny TOMPO no ato amiko satria nanosotra Ahy hitory Teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy, naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra**

Izy sy fampahiratana amin'ny jamba, hanafaka izay nampahorina, hitory ny taona ankasitrahana'Ny TOMPO (Lio. 4, 18-19) « L'Esprit du Seigneur est sur moi, parce qu'il m'a oint pour annoncer de bonnes nouvelles aux pauvres ; il m'a envoyé pour publier aux captifs la délivrance, et aux aveugles le recouvrement de la vue, pour renvoyer libres ceux qui sont foulés, et pour publier l'an agréable du Seigneur » (Luc 4, 18-19) ?

- Aussi est-ce très significatif de trouver, immédiatement après que ces deux points ont été rappelés à leur mémoire, l'adjonction : **koa aza misy mihinana izay misy masirasira (and. 3d)** « On ne mangera point de pain levé » (v. 3c). Si le Seigneur agit en faveur des siens, c'est afin de les racheter de toute iniquité et de purifier pour Lui-même un peuple acquis, zélé pour les bonnes œuvres (Tite 2, 14). Parce que Lui-même est saint, Il attend de ses rachetés qu'ils soient saints, et cela pour la période complète (7 jours) de leur vie. Il ne devait pas se voir de levain dans tous leurs confins.

Plus que cela, chaque père reçoit l'instruction d'enseigner d'année en année à son fils la signification de cette fête. Ayant la responsabilité de ses enfants, il doit leur expliquer avec soin pourquoi le levain n'a pas place dans sa maison. Ce serait incompatible avec le fondement de la rédemption sur lequel il se trouvait. Il devait dire : « **Noho ny nataon'Ny TOMPO tamiko tamin'ny nivoahako avy tany Egipta no anaovako izao'. Dia ho famantarana ho anao eo amin'ny tananao ary ho fampahatsiarovana eo ambonin'ny handrinao izany, mba ho ao am-bavanao ny Lalàn'Ny TOMPO : fa Tanana mahery no nitondran'Ny TOMPO anao nivoaka avy tany Egipta** » (and. 8-9) « C'est en mémoire de ce que l'Éternel a fait pour moi lorsque je suis sorti d'Égypte. Ce sera pour toi comme un signe sur ta main et comme un souvenir entre tes yeux, afin que la Loi de l'Éternel soit dans ta bouche. En effet, c'est par sa Main puissante que l'Éternel t'a fait sortir d'Égypte » (vv. 8-9). Tout ceci afin que la Loi de l'Éternel soit en sa bouche. Nous avons ici le secret de la séparation à la fois du mal et pour Dieu. **Inona no hiarovan' ny zatovo ny lalan-kalehany tsy ho voaloto ? Ny fitandremana araka ny Teninao ... Ato am-poko no iraketako ny Teninao, mba tsy hanotako aminao (Sal. 119, 9 sy 11)** « Comment un jeune homme rendra-t-il pure sa voie ? Ce sera en y prenant garde selon ta Parole ... J'ai caché ta Parole dans mon cœur, afin que je ne pêche pas contre Toi ». (Ps. 119, 9 et 11). C'est en prenant garde à la Parole de Dieu et en y obéissant que les croyants peuvent aujourd'hui garder en vérité la fête des pains sans levain.

2. (and. 13-14) fanoloran-tena sy fanokanana – (vv. 13-14) dévouement et consécration :

Suivent les directives pour la sanctification des premiers-nés. Le dévouement, la consécration doivent également caractériser les rachetés et seront toujours un fruit de la vraie séparation : c'est la raison pour laquelle la fête des pains sans levain précède la mise à part des premiers-nés.

- Remarquons d'abord l'exception à cette loi générale. **ary ny voalohan-teraky ny boriky dia hosoloanao zanak'ondry : fa raha tsy hanolo azy ianao dia hofolahinao ny vozony. Ary ny lahimatea rehetra amin'ny olona eo amin'ny zanakao dia havotanao (and. 13)** « Tu rachèteras avec un agneau tout premier-né de l'âne. Si tu ne le rachètes pas, tu lui briseras la nuque. Tu rachèteras aussi tout premier-né de tes fils » (v. 13). La liaison du premier-né d'un âne avec le premier-né des hommes est d'autant plus frappante :
 - l'un et l'autre devaient être rachetés,

- le premier-né de l'âne devait être racheté avec un agneau de même que les premiers-nés d'Israël le furent par un agneau, la nuit de la Pâque.
- s'il n'était pas racheté, l'âne devait être tué comme les Israélites l'auraient certainement été lorsque l'Éternel frappa les Égyptiens, et le parallélisme est complet.

Que nous enseigne-t-il ? :

- que l'homme, de par sa naissance dans le monde, est mis au rang du premier-né de l'âne,
 - que l'un et l'autre sont impurs et, comme tels, voués à la destruction, à moins qu'ils ne soient rachetés avec un agneau.
- Tel était notre état par nature — perdus et misérables — et nous aurions certainement péri si, selon les richesses de la grâce de Dieu, nous n'avions pas été rachetés par le sang de l'Agneau. D'un autre côté quelle grâce immense Dieu nous a faite de se pencher sur des êtres tels que nous étions, de venir à nous lorsque nous étions dans cet état pour nous amener à Lui (**Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy** Mais voici comment Dieu prouve son amour envers nous: alors que nous étions encore des pécheurs, Christ est mort pour nous [Rom. 5, 8]) et nous associer pour toujours à l'Agneau par lequel nous avons été rachetés ! Si par nature nous ne pouvions pas être tombés plus bas, nous ne pouvions pas non plus être élevés plus haut par la grâce, car il nous a prédestinés **notendreny koa hitovy endrika amin'ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin'ny rahalahy maro Izy** « à être conformes à l'image de son Fils, pour qu'il soit premier-né entre plusieurs frères » (Rom. 8, 29).

3. (and. 15-16) fahefan'Andriamanitra amin'ny voalohan-teraka – (vv. 15-16) droits de Dieu sur les premiers-nés :

Il est important de considérer la raison pour laquelle Dieu réclamait les premiers-nés en Israël. Elle est expressément liée à la destruction des premiers-nés dans le pays d'Égypte (v. 15).

- Nous avons vu que le peuple a été épargné, cette nuit terrible, uniquement sur le fondement de l'aspersion du sang de l'agneau mis à mort, autrement dit sur le fondement de la mort d'un autre. C'était donc sur le principe de la substitution : et c'est là le motif du droit de Dieu dans ce chapitre. Si Dieu épargnait les premiers-nés à cause de l'agneau pascal, c'était pour les réclamer ensuite pour Lui. N'en est-il pas ainsi aujourd'hui ? Nous appartenons à Celui qui nous a rachetés, parce qu'Il a pris notre place et a porté nos péchés en son corps sur le bois. **ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an' ny tenany intsony izay velona, fa ho an'izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy (2 Kor. 5, 15)** « Il est mort pour tous, afin que ceux qui vivent ne vivent plus pour eux-mêmes, mais pour Celui qui pour eux est mort et a été ressuscité » (2 Cor. 5, 15). Il est bon de nous demander souvent si nous reconnaissons ses droits : ses droits sur nous, sur tout ce que nous sommes et sur tout ce que nous possédons.
- C'est cette vérité aussi que le père devait inculquer à son fils (vv. 14-16), car il apprendrait ainsi les droits de l'Éternel sur lui comme sur son père. L'un et l'autre, en

tant que rachetés, devaient servir le Rédempteur. Un très grand pas est fait lorsque le croyant est conscient d'appartenir au Seigneur avec sa famille. Que chacun individuellement reconnaisse ce droit est une autre question, et on ne saurait trop insister sur le fait qu'il n'y a pas de salut sans la foi individuelle, mais il est de toute importance que le chef de famille garde continuellement en mémoire que lui et tous les siens appartiennent de droit au Seigneur. Alors seulement, par la bénédiction de Dieu, il sera en mesure d'élever ses enfants la Volonté du Seigneur, de les instruire pour Lui, et sous son regard. Ce n'est que si cette vérité est perçue par eux que les enfants verront dans l'éducation parentale l'expression de l'autorité du Seigneur. Que les croyants ne se lassent donc pas de rappeler à leurs enfants les droits du Seigneur sur la base de la rédemption.

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny Fiangonantsika – *pour notre église*
- ho an'ny Mpitandrina antsika – *pour nos pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Ry Andriamanitra Tompo ô, ... – *Seigneur notre Dieu, ...*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay no angatahanay izany. Amen ! – *Nous Te demandons cela au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ. Amen !*

Hira 355, 1-2 : Ry namako mahantra :

1. Ry namako mahantra : manaram-po izao !
Ny ota no mandratra : sao simba ianao.
Izay anao rehetra ho lasa avokoa,
Fa tsy mba misy fetra, ho levona avokoa.
2. Ny Tompo be fiantra mangora-po tokoa
Mahita anao mahantra fa tsy mahita soa.
Natolony ny Ainy ho vidin'ny ainao,
Nalatsany ny Rany mba hanadio anao.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Eks. (Ex.) 13, 17-22 :

17 Ary rehefa nalefan'i Faraon ny olona dia tsy mba nentin'Andriamanitra tamin'ny lalana nankany amin'ny tanin'ny Filistina izy na dia akaiky aza izany, fa hoy Andriamanitra : « Andraon hanenina ny olona raha mahita ady ka hiverina any Egypta ». 18 Fa nentin'Andriamanitra nivily ho amin'ny lalana mahazo any an'efitra amoron'ny Ranomasina Mena ny olona, ary voaomana hiady ny fiaketry ny Zanak'Israely avy tany amin'ny tany Egypta.

17 Lorsque le pharaon laissa partir le peuple, Dieu ne le conduisit pas par le chemin qui passait par le pays des Philistins, même si c'était le plus direct. Dieu se dit en effet : « Le peuple pourrait éprouver des regrets en rencontrant la guerre et retourner en

Egypte ». 18 Dieu fit donc faire au peuple un détour par le chemin du désert, vers la mer des Roseaux. Les Israélites étaient partis d'Égypte en ordre de bataille.

19 Ary nentin'i Mosesy niaraka taminy ny taolan'i Josefa, satria i Josefa efa nampianiana dia nampianiana ny Zanak'Isiraely ka nanao hoe : « Hamangy anareo tokoa Andriamanitra, dia hitondra ny taolako hiala atỳ miaraka aminareo ianareo ».

19 Et Moïse avait pris avec lui les ossements de Joseph, car ce dernier l'avait fait jurer aux fils d'Israël en disant : « Quand Dieu interviendra pour vous, vous ferez remonter mes ossements loin d'ici avec vous ».

20 Dia nifindra niala tao Sokota izy ka nitoby tao Etama teo an-tsisin'ny efitra. 21 Ary Ny TOMPO nandeha teo alohany tamin'ny andri-rahona raha antoandro hitari-dalana azy ary tamin'ny andri-afo nony alina ho fahazavana ho azy, handehanany andro aman'alina. 22 Ny andri-rahona tsy niala teo alohan'ny olona raha antoandro na ny andri-afo nony alina.

20 Ils partirent de Succoth et campèrent à Etham, à l'extrémité du désert. 21 L'Éternel allait devant eux, le jour dans une colonne de nuée pour les guider sur leur chemin et la nuit dans une colonne de feu pour les éclairer, afin qu'ils puissent marcher jour et nuit. 22 La colonne de nuée ne se retirait pas de devant le peuple pendant le jour ni la colonne de feu pendant la nuit.

Fanazavana 3 – Explications 3 : ny dia niala an'i Egypta – la marche en quittant l'Égypte :

Le récit reprend ici. La première chose que cette partie de notre chapitre place devant nous est le choix effectué par Dieu du chemin que son peuple suivra dans le désert. Et en effet, s'il fait sortir les siens dans le désert, soyons certains qu'il pourvoira à tous leurs besoins. La seule chose qu'il leur demande est d'obéir à sa Parole.

1. (and. 17-18) ny safidin'ny TOMPO – (vv. 17-18) le choix de l'Éternel :

Remarquons aussi la tendresse qu'il met dans ce choix. Il a des égards pour leur faiblesse et leurs craintes. **tsy mba nentin'Andriamanitra tamin'ny lalana nankany amin'ny tanin'ny Filistina izy na dia akaiky aza izany, fa hoy Andriamanitra : « Andrao hanenina ny olona raha mahita ady ka hiverina any Egypta »** (and. 17) Il « ne les conduisit pas par le chemin du pays des Philistins, qui est pourtant proche ; car Dieu dit : De peur que le peuple ne se repente lorsqu'ils verront la guerre, et qu'ils ne retournent en Égypte » (v. 17). Quelle manifestation merveilleuse de ses tendres compassions ! Nous y apprenons combien pleinement il s'identifie à son peuple et sympathise avec lui dans sa faiblesse et ses craintes. Il avait certes d'autres intentions à leur égard, mais il est doux de penser qu'il a choisi le chemin exact par lequel il les conduirait compte tenu de leur état. **Tahaka ny fiantran'ny ray ny zanany no fiantran'Ny TOMPO izay matahotra Azy. Fa izy mahalala ny toetsika ka mahatsiaro fa vovoka isika (Sal. 103, 13-14)** « Comme un père a compassion de ses fils, l'Éternel a compassion de ceux qui Le craignent. Car il sait de quoi nous sommes formés, il se souvient que nous sommes poussière » (Ps. 103, 13-14).

2. (and. 19) Ny taolam-balon'i Josefa – (vv. 19) Les ossements de Joseph :

À la fin du livre de la Genèse, nous lisons que Joseph, sur son lit de mort fit jurer les fils d'Israël, disant : **Hamangy anareo tokoa Andriamanitra, dia hitondra ny taolako hiala eto ianareo** « Certainement Dieu vous visitera, et vous ferez monter d'ici mes os » (Gen. 50, 25). Dans l'épître aux Hébreux, l'appréciation de Dieu quant à cette action nous est rapportée : **Finoana no nilazan'i Josefa ny fialan'ny Zanak'Isiraely, rehefa ho faty izy, sy nanafarany ny amin'ny taolany** (Heb. 11, 22) « Par la foi, Joseph, en terminant sa vie, fit mention de la sortie des fils d'Israël et donna un ordre touchant ses os » (Héb. 11, 22). Dans notre chapitre, nous avons la réponse de Dieu à la foi de son serviteur. Cette fameuse nuit de la pâque, Moïse avait certainement suffisamment de préoccupations pour organiser le départ d'une telle multitude. Comment aurait-il pu penser encore aux os de Joseph ? Pour l'œil naturel, il était hautement improbable, au moment de la mort de Joseph, que le peuple quitte jamais l'Égypte. Mais le saint qui allait mourir se confiait dans la parole et la promesse infaillibles de Dieu, et ainsi avec une pleine assurance, il « donna un ordre touchant ses os ». Environ quatre cents ans s'écoulèrent (car les Israélites séjournèrent quatre cent trente ans en Égypte comme nous le voyons au chapitre 12, 41) et Dieu visita les siens. Le serment leur est rappelé et ainsi les os du patriarche les accompagnèrent dans leur exode. N'avons-nous pas là un exemple remarquable de la fidélité de Dieu et du prix qu'avait pour lui la foi de son serviteur ?

3. (and. 20-22) andri-afo sy andri-rahona – (vv. 20-22) colonne de feu, colonne de nuée :

Les fils d'Israël étaient divinement conduits dans leur marche. Celui qui avait choisi leur chemin les y guidait, allant devant eux, de jour dans une colonne de nuée, et de nuit dans une colonne de feu, dans tous leurs déplacements. Jamais Il ne leur retira ces précieux symboles de sa Présence tant qu'ils furent dans le désert. N'est-ce pas une belle illustration de la vérité que l'Éternel reste toujours le guide de son peuple ? Celui qui les a fait sortir d'Égypte sera toujours visible devant eux sur le chemin qu'ils suivent. Car ce n'est que dans le désert que l'indication du chemin est nécessaire. C'est là que, dans sa tendresse et dans sa miséricorde, l'Éternel prend la direction des siens, leur montrant le chemin qu'ils doivent suivre, où ils doivent se reposer et quand ils doivent marcher. Rien n'est laissé à leur propre initiative : Dieu entreprend, Lui-même, tout pour eux, leur demandant uniquement d'avoir les yeux fixés sur leur Guide. Bienheureux ceux qui sont conduits ainsi et qui sont prêts à Le suivre !

Vavaka any an-tokan-trano – Prière à la maison :

- ho an'ny marary - *pour les malades*
- ho an'ireo vao namoy havana akaiky – *pour ceux qui viennent de perdre un proche*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Ry Andriamanitra Tompo ô, ... – *Seigneur notre Dieu,*

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tomponay no angatahanay izany. Amen ! – *Nous Te demandons cela au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ. Amen !*

Hira 426, 1 : Nanatona Anao, Mpanavotra ô :

1. Nanatona Anao, Mpanavotra ô, ny olo-mahantra fahiny
Ny rofiny be, ny senton'ny fo, naneho fa soa no niriany.
Tsy nety ho sasatra lanao, tsy nisy nolavina akory,
Fa samy nandray ny indrafonao ka ravo ny olona ory.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Hira 426, 2 : Nanatona Anao, Mpanavotra ô :

2. Manatona Anao, ry be indrafo, ny olo-mahantra anio,
Fa be siasia sy reraka am-po, ka raisonao ankehitrion !
Ny maty omeo aina vaovao, ny sasatra ampiadano,
Ny masonay jamba mba hazavao, ny rofin'ny fonay sitrano.

FANDRAVONANA – CONCLUSION

Teksta – Texte : Ephés. (Ephés.) 1, 3-14 :

3 Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontosika, izay nitahy antsika tao amin'i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra,
3 Béni soit le Dieu et Père de notre Seigneur Jésus-Christ, qui nous a bénis de toute bénédiction spirituelle dans les lieux célestes en Christ !

4 araka ny nifidianany antsika tao Aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika, 5 rehefa notendreny rahateo amin'ny fitiavana isika mba ho Azy amin'ny fananganan-anaka amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka izay ankasitrahany fony, 6 ho fiderana ny Voninahitry ny Fahasoavany, izay nanasoavany antsika maimaimpoana ao amin'ny Malala.

4 En Lui, Dieu nous a choisis avant la création du monde pour que nous soyons saints et sans défaut devant lui. Dans son amour, 5 Il nous a prédestinés à être ses enfants adoptifs par Jésus-Christ. C'est ce qu'il a voulu, dans sa bienveillance, 6 pour que nous célébrions la Gloire de sa Grâce, dont Il nous a comblés dans le bien-aimé.

7 Izy no ananantsika fanavotana amin'ny Rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren'ny Fahasoavany, 8 izay nataony be ho antsika tamin'ny fahendrena sy ny fisainana rehetra, 9 rehefa nampahafantariny ny zava-miafina ny amin'ny Sitrapony isika, araka ny safidiny izay nokasain'ny Tenany, 10 hahatanterahany ny fitondrana hatao mandra-pahatapitry ny andro voatendry, hanangonany ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy, na ny any an-danitra, na ny etỳ an-tany, dia ho ao Aminy.

7 En Lui, par son Sang, nous sommes rachetés, pardonnés de nos fautes, conformément à la richesse de sa Grâce. 8 Dieu nous l'a accordée avec abondance, en toute sagesse et intelligence. 9 Il nous a fait connaître le mystère de sa Volonté, conformément au projet bienveillant qu'il avait formé en Christ 10 pour le mettre à exécution lorsque le moment serait vraiment venu, à savoir de tout réunir sous l'autorité du Messie, aussi bien ce qui est dans le ciel que ce qui est sur la terre.

11 Ao aminy koa no nanaovana antsika ho lovany, rehefa notendrena rahateo isika araka ny fikasan'izay mahefa ny zavatra rehetra araka ny ankasitrahany fony, 12 mba ho fiderana ny Voninahiny izahay, izay nanantena an'i Kristy rahateo.

11 En Lui, nous avons été désignés comme héritiers, ayant été prédestinés suivant le plan de Celui qui met tout en oeuvre conformément aux décisions de sa Volonté 12 pour servir à célébrer sa Gloire, nous qui avons par avance espéré dans le Messie.

13 Ao Aminy koa ianareo, rehefa renareo ny Tenin'ny Fahamarinana, dia ny Filazantsara famonjena anareo. Eny, ao aminy koa ianareo rehefa nino no nasiana toambo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny Teny Fikasana. 14 Izany Fanahy izany no santatry ny lovantika ho amin'ny fanavotana ny olona izay nalainy ho an'ny Tenany, ho fiderana ny Voninahiny.

13 En Lui, vous aussi, après avoir entendu la Parole de la Vérité, l'Evangile qui vous sauve. En Lui, vous avez cru et vous avez été marqués de l'empreinte du Saint-Esprit qui avait été promis. 14 Il est le gage de notre héritage en attendant la libération de ceux que Dieu s'est acquis pour célébrer sa Gloire.

Hira 426, 3 : Nanatona Anao, Mpanavotra ô :

3. Ka rahatrizay hanatona Anao ny tsy ho farofy intsony,
Fa hisy ny Alahady vaovao ka sitrana tsara ny fony.
Izay tany soa misy Anao no hisy ny olonao koa,
Hahita ny Voninahitrao ao, ry Zoky malala Tsitoha.

Tso-drano - Bénédiction : 2 Kor. (2 Cor.) 13, 14 :

Ho aminareo rehetra anie ny Fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo sy ny Fitiavan'Andriamanitra ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina. Amen !

Que la Grâce du Seigneur Jésus-Christ, l'Amour de Dieu et la communion du Saint-Esprit soient avec vous tous. Amen !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu.*

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !